


**Eo ambony, ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, Ramatoa Ndahimananjara Johanita**

***« Ho ahy manokana dia enga anie ho sitrana soa aman-tsara izy ireo ».*** Anisan'ny lahateny navoitry ny Minisitry ny Fahasalama-bahoaka, Ramatoa Ndahimananjara Johanita, nandritra ny fankalazana.




Tsy nijanona ho fankalazana ihany anefa, fa teo koa ny ezaka izay nataon'ny ministera. Mba ho fanatsarana ny fitsaboana eto Madagasikara dia nananteraka hetsika roa lehibe mifandray indrindra amin'io fankalazana io ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka:

-Teo ny fampahafantarana ny atao hoe “ *Mutuelle de santé* ” na Tahiry hifampitsimbinana,

-ary ny fampitaovana ireo mpiasan’ny Fahasalamana hanatanterahiny ny asany.

Nisy ny fanatsarana natao mahakasika indrindra ny fitsaboana. Anisan’izany ny fitsaboana maimaimpoana ary ny atao hoe FANOME, izay manolotra fanafody amin’ny vidin’ny mirary isakin’ny CSB. Eo koa ny tahiry izay hentina hitsaboana manokana ireo tena sahirana.




Ny minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka dia nametraka fomba iray hanatsarana ny fahasalaman’ny daholobe.

Anisan’izany ny fanetsehana indray ny Tahiry hifampitsimbinana, izay efa nisy teto Madagasikara nanomboka ny taona 1973.

Ity tahiry ity dia fomba iray hananganana vatam-bola mba hifampitsimbinana, ka izay te ho mpikambana dia mandrotsaka anjara ao amin’ny vatam-bola, ka izay mandrotsaka (mpandray anjara izany) ihany no mahazo tombony amin’izany.




Arak’izany dia manara-maso akaiky ny fomba fampiharana ity hetsika iray ity ny minisitera, indrindra fa ireo izay mpikambana ao anatin’izany *“ Mutuelle de santé”* izany.

Ireo fikambanan’olona na vondron’olona, dia afaka miditra ao anatin’ity hifampitsimbinana ity. Izany hoe: rehefa misy ny marary dia io no manampy ara-bola. Ilaina koa izy io eo amin’ny fam atsiam-bola ny fahasalamana.



Nanambara ny Minisitry Fahasalamam-bahoaka fa fitsaboana maimaimpoana ny eny amin’ny CSB, saingy tokony hisy koa ny fandraisana anjara ny tsirairay.

Ho fanatsarana izay fomba fiasa izay ihany dia nisy ny fanoloran’ny Minisitera fitaovana, dia fitaovana hoan’ireo mpiasan’ny fahasalamana eny anivon’ny CSB.

Ny taona 2012 dia efa nisy moto miisa 40 natolotra, ary tamin’ity taona ity dia nahatratra 80 ireo moto nozaraina eny amin’ny faritra misy tobim-pahasalamana.




www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com


www.madagate.com

